FAMPIANARANA

# Niverina an-tsekoly avokoa ireo mpianatra



Niverina an-tsekoly nanomboka omaly indray ireo mpianatra rehetra manerana ny Nosy, amin'ny ambaratonga voalohany ka hatrany amin'ny ambaratonga ambony, na ny miankina amin'ny fanjakana na tsia. Ireo eny amin'ny Oniversite miankina amin' ny fanjakana, no mbola tsy tena tafaverina an-tsekoly noho ny fitaterana amin'ny zotra nasionaly mbola mikatona hatramin'ny anio, maro ireo mpianatra avy any amin' ny faritra samihafa no mbola tsy tafaverina eto an-drenivohitra. Mbola tsy nianatra avy hatrany koa izy ireo, noho ny fitokonana misy ataon'ireo mpandraharaha eny anivon'ny Anjerimanontolo manerana an'i Madagasikara amin'izao fotoana, satria tsy voaloan'ny fanjakana ny karaman'izy ireo nandritra ny volana maromaro. Ny amin'ny ambaratonga voalohany sy faha-2 ary faha-3 kosa dia efa saika nanomboka nianatra avokoa ireo mpianatra nanomboka omaly. Ho an'ny maro dia efa tsy andrin'izy ireo izay fiverenana an-tsekoly izay, ho an'ny zaza madinika kosa, ao ireo mbola kamokamo satria lavalava izay fotoana tsy nianarany izay, noho ny hamehana ara-pahasalamana nisy sy mbola mitohy hatramin' izao. Raha araka ny fanehoan-kevitr'ireo mpanabe tao aorian'izay fotoana lavalava tsy nianarana izay, misy fiantraikany amin' ireo mpianatra izany hoy izy ireo, satria na any ampianarana aza sarotra ny fifantohana ho an'ireo mpianatra, mainka fa any an-trano, sarotra ho an' ireo ankizy ny hamolatena hianatra samirery izany. Nanomboka omaly alarobia arak'izay, niverina nandingana ny tokontanin-tsekoly indray mpianatra amin'ny kilasy antenantenany tamin'ireo faritra 4 farany mbola nikatona, dia Analamanga, Vakinankaratra, Matsiatra Ambony ary Anôsy, rehefa nisy fiatoana nandritra ny roa volana sy tapany teo, noho ny valanaretina coronavirus. Efa anatin'ny telo volana faha-3 ny taom-pianarana 2020-2021, ho an'ny ministeran'ny fanabeazam-pirenena.

Hiverina hanohy ny fianarana ihany koa ny mpianatra amin'ny anjerimanontolo. Mbola mamarana ny taom-pianarana 2019 – 2020 ny Oniversite amin'izao. Ho an'ireo hanala fanadinam-panjakana, efa miha-manakaiky ny daty, heverina fa efa ao anatin'ny fanaovana famerenana sy fiomanana amin'izany fanadinam-panjakana izany izy ireo. Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary ireo mpianatra rehetra manerana ny Nosy, hahatontosa soa aman-tsara ity taom-pianarana ity.

***Aly***

Lalina ny fahantrana misy

# Tovovavy iray tratra nangalatra legioma



*Ilay tovovavy tratra nangalatra legioma, sy ny legioma nangalariny.*

Tena efa lalina ny fahantrana misy eto amintsika ankehitriny, tovovavy iray no tratra nangalatra legioma ary naiditra am-ponja noho izany.

Tovovavy iray 25 taona no notanana am-ponja vonjimaika miandry ny fitsarana azy rehefa niaiky ny heloka vitany ho nangalatra: voatabia, tongolo gasy, sakamalaho karaoty sy tongolobe no nangalariny tamin'izany.

Mpivaro-mandeha iray teo an-tsena no nametraka fitarainana, fa nisy nangalatra ny entany.

Rehefa nanao fikarohana ny zandary avy ao amin' ny Poste Avancé Ambohitompoina, distrikan'Antanifotsy, faritra Vakinankaratra dia hita teo amin'i Vero, namidiny teo an-tsena ihany ireo zavatra very, ary rehefa nojerena ny ambiny tao an-tranony dia indro tao avokoa ny nangalariny rehetra, mbola anaty gony sy kesika nasian'ny tompony azy. Rah any vidiny dia tsy nisy an'hetsiny fa an'aliny teo no vidin'ireo legioma nangalarin'ity tovovavy ity, maneho izay maha-lalina ny fahantrana misy eto amintsika izay.

Niaiky ny helony izy nandritra ny fanadihadiana ary natolotra ny Fitsarana ary nidoboka am-ponja vonjy maika izao.

***Niaina***

UEFA Europa Conference League"

# Amin'ny taom-pilalaovana 2024/2025 no hanomboka

Taorianan'ny fivoriana niarahan'ny ECA " European Club Association " sy ny " Comité exécutif de l'UEFA » eo amin'ny baolina kitra nanatanteraka dia nambaran'ny filoha am-perinasan'ny UEFA Aleksander Ceferin, fa any amin'ny taom-pilalaovana 2024/2025, no hanomboka ny fifaninanana baolina kitra « interclubs » vaovao, karakarain'ity rafitra ity dia ny "UEFA Europa Conference League", izay hampivoatra hatrany ny fifaninanana karakarain'ny UEFA amin'ny ankapobeny. Manodidina ny ekipa 180 any ho any mpikambana ao amin'ny UEFA no handray anjara amin'ny dingana fifanintsanana ahitana « 4 tours de qualifications », ka hiditra handray anjara eo amin'ny 2e « tour de qualification » koa ireo ekipa nihintsana tamin'ny « tour préliminaire » sy ny « 1er tour de qualification » tany amin'ny « Ligue des champions UEFA » sy ny «Ligue Europa ». Ny dingana famaranana amin'ity fifaninanana ity dia ahitana ny « barrage additionnel aller-retour » handraisan'ny ekipa nitana ny laharana faharoa sy fahatelo tao amin'ny vondron'ny «Ligue Europa » ary eo ihany koa ny « Tounoi à élimination directe », handraisan'ireo ekipa 8 voalohany tany amin'ny « phase de groupes » sy ireo ekipa 8 nandresy tany amin'ny « barrage », ka hiatrika amin' ny ampahavalon-dalana sy ny ampahefa-dalana ary ny manasa-dalana mandroso sy miverina, ka hiafara amin'ny lalao famaranana hatao any amin' ny kianja « neutre ».



*Aleksander Ceferin filohan'ny UEFA.*

***Rainilita***

Ho olana vaovao indray

# Miha-ritra sahady ny ranon' Ikopa

Efa mila ho tankina ritra ankehitriny ny reniranon'Ikopa. Mahita izany izay rehetra mandalo na amin'ny tetezan'Ampasika, na eny amin'ny tetezan'Anosizato. Efa miha-miseho ihany koa ny fihenan'ny rano amin'ireo lavadrano fampiasan'ny mponina tsy manana paompin-dranon'ny Jirama. Manomboka mitsidika ny fanahiana ny amin'izany.

Vao miditra amin'ny fotoanan'ny main-tany sy ny vanim-potoanan'ny ririnina anefa isika ity ary mbola ho ela ny fotoana hisian'ny rotsak'orana. Mazava loatra, fa hanano sarotra ny fandehan'ny raharaha amin'ny ho avy. Tsy lavina, misy ireo asa ataon'ny Jirama amin'ny fitaterana rano amin'ny faritra manana olana amin'ny rano fisotro madio. Misy koa ny lazaina ho fandavahana lavadrano hanaovana karazana sinibendrano vaovao hanampiana izany. Kanefa hahavaha olana ve izany raha tonga tokoa ny tokoa, ka hiverina ny maintany sy tsy fahampian-drano toy ny teto an-drenivohitra sy ny manodidina taona vitsivitsy lasa izay? Tamin'izay no niolomay niantsampy an'Antelomita ny tomponandraikitra, izay sisa no fara hery.

Ny tsy fahampian-drano na ampiasaina an-tokantrano na an-tanimbary dia hisy fiantraikany be eo amin'ny fiainan'ny mponina sy ny fihariana ataony. Anisan'ny manohintohina, ohatra, ny asa fanasan-damba ataon'ny mivelona amin'izany eny amin'ny ranon'Ikopa. Misy ihany koa ireo sehatra hafa voadona amin'izany satria sehatra maro samihafa no tanterahina eny amin'iny reniranо iny. Ny hita ho mahazo tombony sy mihazakazaka mafy amin'izao fotoana izao dia ireo mpanao biriky tanimanga. Marobe tokoa izy ireo amin'izao fotoana izao no mirohotra manao izany. Ny vidin'ny biriky koa anefa miaka-bidy hatrany. Dia mby amin'ilay fitenenana hatrany: "ny fahorian'ny hafa, hifalian'ny sasany". Hatreto anefa izany, tsy mampivoatra ny fari-piainan'ny sarambabem-bahoaka.

Mifamatotra amin'ny fahasimban'ny tontolo iainana sy ny fiovaovan'ny toetrandro ny zava-misy ankehitriny. Hatreto anefa, tsy mbola hita soritra mazava ny ezaka amin'ny ady amin'izany raha eto amin'ny firenena. Tsy lavina, misy ireo efa miditra an-tsehatra amin'izany na fikambanana na vondrn'olona. Mbola azo lazaina ho maivana ihany anefa izany raha mijery ny voka-dratsy misy eto amin'ny firenena.

***Radafy***

Kamiao nisy olana ara-teknika

# Mpandeha iray nitsambikina avy tao namoy ny ainy

Nisehoana lozam-pifamoivoizana mahatsiravina tany Antsohihy faritra Sofia omaly, fiara lehibe iray, na kamiao iray no tojo olana ara-teknika, nahita izany ity mpandeha iray tao anatiny ka nitsambikina nivoaka avy hatrany. Izy indray no maty tsy tra-drano voahitsakin'ity fiara lehibe ity noho izany. Tany Anjiajia Antsohihy no nisehoan'izao loza izao. Fiara lehibe mpitety tsena ity niharan-doza ity, tapaka ny hisatra taminy ka nihemotra, voahitsaka noho izany ny olona iray nivoaka nitsambikina avy tao anatiny, ka maty teo no ho eo.

***Stefa***



*Ilay olona maty niharan-doza tany Antsohihy.*